



USAID
FROM THE AMERICAN PEOPLE

innovating to save lives
Jhpiego
an affiliate of Johns Hopkins University



TETIKASA FIAROVANA AMIN'NY FAHAVEREZAN-DRA BE LOATRA AORIAN'NY FITERAHANA

FAMPIOFANANA IREO MPANENTANA ENY ANIVON'NY FIARAHAMONINA



BOKIN' NY MPAMPIOFONA

Ity boky fiofanana ity dia nivokarina avy tamin'ny fanampian'ny sampan'asa amerikana amin'ny fampandrosoana izay vatsin'ny vahoaka amerikanina mahalala tana. Ny voarakitra ato rehetra dia andraikity ny Mchip/Jhpiego ary tsy midika fa mifanaraka amin'ny fomba fijerin'ny USAID na ny governemanta amerikana.

FIZAHAN-TAKELAKA

I.	TOPIMASO ANKAPOBENY	4
A.	NY FOMBA HITONDRANA NY FIOFANANA.....	4
B.	MIANATRA MBA TENA AHAY	4
II.	FAMPIDIRANA	4
A.	FOTOTRA NY FIOFANANA	4
B.	TOMBANEZAKA.....	4
C.	FANDAHARAMPOTOAN'NY FIOFANANA	7
D.	TARIGETRA	8
E.	TANJONA ANKAPOBENY	8
F.	TANJONA ANELANELANY	8
G.	NY ANDRAIKITRY NY MPANENTANA ENY ANIVON'NY MPIARA- MONINA (AC)	9
III.	FIRINDRA NY FIOFANANA	10
A.	FIZARANA 0: FAMPAHAFANTARANA MIKASIKA NY TETIKASA.....	10
B.	FIZARANA A: VANGIVANGY ARAHANA DINIDINIKA na VAD	12
C.	FIZARANA B: FOMBAFOMBA FANDRAISANA ANJARA	20
D.	FIZARANA B: FOMBAFOMBAFANDRAISANA ANJARA	26
E.	FIZARANA D: FIOMANANA AMIN'NY FITERAHANA	30
F.	FIZARANA E: FAMBARA LOZA.....	33
G.	FIZARANA F: FISOROHANA NY FAHAVEREZAN-DRA BE LOATRAAORIAN'NY FITERAHANA	36
H.	FIZARANA G: FANADIHADIANA AORIAN'NY FITERAHANA.....	41
IV.	takelaka fanampiny.....	47

I. TOPIMASO ANKAPOBENY

A. NY FOMBA HITONDRANA NY FIOFANANA

Ny fomba fampianarana ao anatin'ity fiofanana ity dia miavaka amin'ny fomba fampianarana mahazatra satria mampiasa ny fomba fampianarana ny olon- dehibe. Ireto no fototra iorenan'izany fampianarana izany:

- Mahasarikany olon- dehibe ny vontootin'ny lesona mifanaraka amin'ny andrasany;
- Faniriana hanatsara hatrany ny fahaizany, ny fahaiza- manao ary ny fanatsarana ny fomba fiasa ;
- Faniriana andray anjara mavitrika mandritry ny lesona.

B. MIANATRA MBA TENA AHAY

Ny mpiofana tsiariray dia afaka tena ahahay raha toa ka omena fotoana sahaza tsara sy fomba fampianarana mifanaraka amin'ny olona ampianarina no ampiasaina. Ny tanjona tiana ho tratarina amin'izany dia mba ho ny 100% ny mpiofana no « tenaahay » mba ampihena ny loza mety hitranga amin'ny olona karakaraina sy mba ahamora ny fampianarana.

II. FAMPIDIRANA

A. FOTOTRA NY FIOFANANA

Ity fiofanana ity dia miditra indrindra eo amin'ny fampitomboana ny fampiasana ny « utérotonique » mba hiarovana amin'ny fahaverezan- drà be loatra mandritry ny fiterahana, any amin'ny tobim- pahasalamana sy any an- trano.

B. TOMBANEZAKA

1. FITSAPANA ALOHAN'NY FIOFANANA

Toro- lalana: Soraty « M » ao anatin'ilay toerana malalaka voatokana amin'izany raha heverinao fa marina ilay feheza- teny valiny ary « D » raha toa ka diso.

FANONTANIANA	M / D
1. Mandritry ny tsidika an- tokenrano no hanazavan'ny mpanentana eny anivon'ny fiaraha- monina amin'ny vehivavy bevohoka sy ny fianakaviany ny mahazava- dehibe ny fiterahana eny amin'ny tobim- pahasalamana.	
2. Isan'ny fanentanana atao ihany koa ny fampahatsiahivana ny fambara loza aorian'ny fiterahana fa indrindra ny fahaverezan- drà be loatra.	

3. Alohan'ny VAD dia fantarina tsara ny mikasika ilay lohahevitra horesahana.	
4. Tsy mila fifampiarahabana fa tokony miditra avy hatrany amin'ny anton'ny VAD.	
5. Mandritry ny VAD dia tokony hifanakalo hevitra ny mpanentana sy ny vehivavy bevohoka ary ny fianakaviany.	
6. Ny fikajiana ny daty mety ahaterahan'ilay ny vehivavy bevohoka dia manampy amin'ny fahafantarana ny fotoana tokony anaovana ny VAD farany.	
7. Mahazo mandray anjara amin'ny tetik'asa fiarovana ny fahaverezan-dra be loatra aorian'ny fiterahana, ny vehivavy bevohoka rehetra.	
8. Mahazo mandray anjara amin'ny tetik'asa fiarovana ny fahaverezan-dra be loatra aorian'ny fiterahana, nyvohoka rehetra mihoatra ny 32 herinandro.	
9. Tsy andraikity ny mpanentana ny fitadiavana ny vehivavy bevohoka eo amin'ny fokontany iadiadiany.	
10. Ny FAMONJYizay pilina miaro amin'ny fahaverezan- dra be loatra aorian'ny fiterahana dia telo no indray atelina miaraka amin'ny rano tapaky ny vera.	
11. Raha tsy nampiasaina ny FAMONJYdia azo tehirizina mba ho ampiasaina amin'ny fiterahana manaraka.	
12. Ny fihinanana ny FAMONJY dia tsy miteraka disadisa amin'ny fahasalamana mihitsy.	
13. Ny FAMONJY dia tokony tehirizina anaty boaty eo andoham-pandriana ary apetraka amin'ny toerana tsy takatry ny zaza.	
14. Ny FAMONJY dia tsy atelina mihitsy raha tsy efa nohamarinina tsara fa tsy misy zaza intsony ao anaty tranon- jaza.	
15. Ny fahafantarana mialohany tobimpahasalamana dia isan'ny fiomanana amin'ny fiterahana.	
16. Ny fanomanana ny fitanterana dia ao anatin'ny lamina fahamehana.	
17. Fambara loza aorian'ny fiterahana ny ra mahavonto salaka 2 na 3, ao anatin'ny 20 na 30 mn.	
18. Ny fisian'ny fivontosan'ny nono, manaintaina ary menamena be dia tokony tsy ahataitra eo amin'ny vehivavy avy teraka.	
19. Tsy anjara andraikity mpanentana ny mameno ny antontantaratsy hikajiana ny antontanisa.	
20. Anisan'ny antony VAD aorian'ny fiterahana ny famenoana ny fisy fanadihadiana amin'ny fampiasana ny FAMONJY.	

2. VAILINY NY FITSAPANA

FANONTANIANA	M / D
1. Mandritry ny tsidika an- tokantrano no hanazavan'ny mpanentana eny anivon'ny fiaraha- monina amin'ny vehivavy bevohoka sy ny fianakaviany ny mahazava- dehibe ny fiterahana eny amin'ny tobim- pahasalamana.	M
2. Isan'ny fanentanana atao ihany koa ny fampahatsiahivana ny fambara loza aorian'ny fiterahana fa indrindra ny fahaverezan- dra be loatra.	M

3. Alohan'ny VAD dia fantarina tsara ny mikasika ilay lohahevitra horesahana.	M
4. Tsy mila fifampiarahabana fa tokony miditra avy hatrany amin'ny anton'ny VAD.	D
5. Mandritry ny VAD dia tokony hifanakalo hevitra ny mpanentana sy ny vehivavy bevohoka ary ny fianakaviany.	M
6. Ny fikajiana ny daty mety ahaterahan'ilay ny vehivavy bevohoka dia manampy amin'ny fahafantarana ny fotoana tokony anaovana ny VAD farany.	M
7. Mahazo mandray anjara amin'ny tetik'asa fiarovana ny fahaverezan-dra be loatra aorian'ny fiterahana, ny vehivavy bevohoka rehetra.	D
8. Mahazo mandray anjara amin'ny tetik'asa fiarovana ny fahaverezan-dra be loatra aorian'ny fiterahana, nyvohoka rehetra mihoatra ny 32 herinandro.	M
9. Tsy andraikity ny mpanentana ny fitadiavana ny vehivavy bevohoka eo amin'ny fokontany iadiadiany.	D
10. Ny FAMONJYizay pilina miaro amin'ny fahaverezan- dra be loatra aorian'ny fiterahana dia telo no indray atelina miaraka amin'ny rano tapaky ny vera.	M
11. Raha tsy nampiasaina ny FAMONJYdia azo tehirizina mba ho ampiasaina amin'ny fiterahana manaraka.	D
12. Ny fihinanana ny FAMONJY dia tsy miteraka disadisa amin'ny fahasalamana mihitsy.	D
13. Ny FAMONJY dia tokony tehirizina anaty boaty eo andoham-pandriana ary apetraka amin'ny toerana tsy takatry ny zaza.	M
14. Ny FAMONJY dia tsy atelina mihitsy raha tsy efa nohamarinina tsara fa tsy misy zaza intsony ao anaty tranon- jaza.	M
15. Ny fahafantarana mialohany tobimpahasalamana dia isan'ny fiomanana amin'ny fiterahana.	M
16. Ny fanomanana ny fitanterana dia ao anatin'ny lamina fahamehana.	M
17. Fambara loza aorian'ny fiterahana ny ra mahavonto salaka 2 na 3, ao anatin'ny 20 na 30 mn.	M
18. Ny fisian'ny fivontosan'ny nono, manaintaina ary menamena be dia tokony tsy ahataitra eo amin'ny vehivavy avy teraka.	D
19. Tsy anjara andraikity mpanentana ny mameno ny antontantaratasny hikajiana ny antontanisa.	D
20. Anisan'ny antony VAD aorian'ny fiterahana ny famenoana ny fisy fanadihadiana amin'ny fampiasana ny FAMONJY.	M

C. FANDAHARAMPOTOAN'NY FIOFANANA

ORA	A1	A2
8 ora	<ul style="list-style-type: none"> - Fandraisana ireo mpiofana /fizarana ny toeram-piofanana - Fanokafana ofisialy - Ny filazalazana ny fandraisana an-tanana ny mpiofana - Fampafantarana ireo mpampiofana sy mpiofana - Izay andrasana sy ireo ahiahy - Ireo fepetra mifehy ny fiofanana - Tarigetra, Tanjona, fandaharam- potoana - Fitsapana mialohan'ny fiofanana 	<p>Fizarana F: FISOROHANA NY FAHAVEREZANDRA BE LOATRA AORIAN'NY FITERAHANA <u>Lesona 6:</u> Ny FAMONJY miaro amin'ny fahaverezan-drà be loatra/toromarika fampiasana ny FAMONJY</p> <p>Fizarana G: FANADIHADIANA AORIAN'NY FITERAHANA <u>Lesona 7</u> Fomba fampiasana ireo antontam-panontaniana</p>
FITSAHARANA MISOTRO KAFE NA DITE		
10 ora	<p>Fizarana O : Fampahafantarana mikasika ny tetikasa Fizarana A: VANGIVANGY ARAHANA DINIDINIKA MAMPIASA TAKELAKAFATRA <u>Lesona 1:</u> Serasera</p> <p>Fizarana B: FISEHOAN'NY FANDRAISANA ANJARA <u>Lesona 2:</u> Fepetra ahazoana mandray anjarasyfanisana ireo bevohoka aryfikajiana ny daty mety ahaterahana <u>Lesona 3:</u> Fankatoavana mazava</p>	<p>Fizarana H FANANGONANA ANTONTAN'ISA <u>Lesona 8:</u> fanangonananatontan'isa</p> <p>FITSAPANA MAMARANA NY FIOFANANA</p> <p>FAMPIHARANA NY FANENTANANA</p> <p>FANKATOAVANA NY FAHAIZA-MANAOFANENTANANA</p>
12 ora 1/2	FISAKAFOANANA	
2 ora	<p>Fizarana D: FIOMANANA AMIN'NY FITERAHANA <u>Lesona 4:</u> Lamina amin'ny fiterahana</p>	TOMBAN'EZAKY NY FIOFANANA
4 ora		
FITSAHARANA MISOTRO KAFE NA DITE		
5 ora	<p>Fizarana E : FAMBARA LOZA AORIAN'NY FITERAHANA <u>Lesona 5:</u> Fambara loza aorian'ny fiterahana</p>	FAMARANANA NY FIOFANANA

D. TARIGETRA

Ity fiofanana ity dia miditra ao anatin'ny paik'ady hampidinana ny taham - pahafatesan'nyreny sy ny zaza mba hahatrarana ny tanjona fampandrosoana ho an'ny taona roa arivo. (OMD).

E. TANJONA ANKAPOBENY

Rehefa vita ity fiofanana ity, ireo mpanentana ara pahasalamana eo anivon'ny fiaraha-monina dia ho afaka manampy amin'ny fahasalaman'ireo vehivavy bevohoka mba hitondrany izany vohoka izany hatramin'ny farany sy iheran- doza, ka hananany sy ny zanany mena vava fahasalamana tonga lafatra. .

F. TANJONA ANELANELANY

Rehefa vita ity fiofanana ity, ireo mpanentana eo anivon'ny fiaraha- moninadia ho afaka:

1. Manentana mandritry ny tsidika an- tokenrano ataony amin'ireo vehivavy bevohoka Amin'ny fampiasana ny teknikan'ny serasera mahomby sy fampiasana takelaka hafatra;
2. Mifantina ireo vehivavy eo amin'ny fahatelon' ny volana farany hitondrany vohoka mba ho mpandray anjara amin'ny fampiasana ireo fepetra napetraka.
3. Manao fanadihadiana ireo vehivavy avy teraka mandray anjara amin'ny tetik'asa;
4. Mizara ny FAMONJYmiaro amin'ny fahaverezan- drà be loatra ary hanoro ireo vehivavy bevohoka mpandray anjara ny fomba fampiasana azy aorian'ny fahalatsahan'ny zaza farany;
5. Manome ny torohevitra rehetra ilain'ny vehivavy bevohoka ahafantarany ny tokony atao mandritry ny vohoka sy ahafantarany ireo fambara loza.
6. Manaraka tsarany fitantantanana nyFAMONJYmiditra sy mivoaka ary manoratra izany ahamora ny fanaraha-maso.
7. Manangona ireo antontan- kevitra sy antontan'isa mikasika ny tetik'asa.

G. NY ANDRAIKITRY NY MPANENTANA ENY ANIVON'NY MPIARAMONINA (AC)

1. Manentana ireo vehivavy mitondra vohoka ny maha zava-dehibe ny fandehanana eny amin'ny tobimpahasalamana hisafo, hiteraka ary hanao fitsidihina aorian'ny fiterahana,
2. Manisa ireo vehivavy bevohoka ary mampiditra ireo mitondra vohoka mahafeno fepetra ho anisan'ireo mpandray anjara amin'ny sehatrasa,
3. Manome fanazavana feno ireo vehivavy tafiditra amin'ny sehatrasa mikasika ny fisorohana ny fahaverezan-drà amin'ny alalan'ny fitelemata pilina FAMONJY aorian'ny fiterahana sy rehefa azo antoka fa tsy misy zaza intsony ao ambohoka,
4. Manome fanazavana mikasika ny taratasy fankatoavana ho an'ireo vehivavy nandray anjara,
5. Mizara ny pilina FAMONJY ho an'ireo vehivavy bevohoka tonga amin'ny 32 herinandro na mihoatra nitondrana vohoka ka nanao sonia ny taratasy fankatoavana,
6. Mampianatra ireo vehivavy bevohoka nandray anjara ny fomba fihinanana ny pilina FAMONJY,
7. Manatanteraka fanadihadiana ireo vehivavy nandray anjara, 15 andro aorian'ny fiterahana farafahatarany rehefa teraka soa amantsara izy ireo.

III. FIRINDRA NY FIOFANANA

A. FIZARANA 0: FAMPAHAFANTARANA MIKASIKA NY TETIKASA

A. LESONA FAMPIDIRANA

IZAY ANDRASAN'NY TETIK'ASA

1. Hanaporofa fa ny fampitomboana ny fampiasana fanafody mampikainkona tranonjaza ahahenika ny vehivavy rehetra eo am-piterahana dia miaro ny vehivavy amin'ny fahaverezan-dra be loatra aorian'ny fiterahana n'aiza n'aiza hiterahany. Fitambarana paikady telono ampiasaina amin'izany dia:
 - ny fanentanana ny vehivavy bevohoka amin'ny loza ateraky ny fahaverezan-dra be loatra aorian'ny fiterahana,
 - ny fanamafisanany fampiasana ny ny teknikam-pitsaboana manafaingana ny fivoahan'ny ahitra na GATPA any amin'ny tobim-pahasalamana,
 - ary ny fizarana ny FAMONJY ho an'izay hiteraka an-trano. Ireo rehetra ireo dia mba ahazoan'ny vehivavy rehetra fiarovana amin'ny fahaverezan-dra be loatra n'aiza n'aiza toerana hiterahany.
2. Hanao toman'ezaky ny kalitaon' nyGATPA, ataon'ny mpiasan'ny fahasalamana any amin'ny tobim- pahasalamana, ny fahombiazan'ny fizarana ny FAMONJY mandritry fisafoana ary amin'ny tsidika ataon'ny mpanentana eny anivon'ny fiaraha monina ho an'ireo izay hiteraka an-trano.

TANJON'NY TETIKASA

1. Hampitombo ny vehivavy teraka izay ahazo tombontsoa amin'ny GATPA manara- penitra ataon'ny mpiasan'ny fahasalamana voahofana, eny amin'ny tobim-pahasalamana.
2. Hanao toman'ezaka hanamarinana fa ny fisafoana dia varavarana misokatra sady mahombyahazoana mizara ny FAMONJY amin'ireo bevohoka mety hiteraka any an-trano.
3. Hanao toman'ezaka ny fizarana FAMONJY ataon'ireo mpanentana mandritry ny tsidika ataony ho lalana iray ahafahan'ireo vehivavy izay tsy liatrika fisafoana mahazo fiarovana amn'ny fahaverezan-dra be loatra amin'ny fotoana maha mety izany.
4. Hanao toman'ezaky ny fampiasan'ireo bevohoka miteraka antrano nyFAMONJY aorian'ny fanentanana natao azy ireo ary nahazo ny fanafody nandritry ny fisafoana na ny tsidika an-tokantrano natao azy ireo.
5. Hampitombo ny fampiterahana tontosaon'ireo mpiasan'ny fahasalamana voahofana amin'izany.

TETIKADY FANATANTERAHANA NY TETIKASA

1. Ny MCHIP no tompomarika sy tompon'andraitry ny tetik'asa ; Atao aoFenerive Est ny tetik'asa ary maharitra herintaona.

2. Ny tetikasa dia hanamafy ny fampiasana ny GATPA sy ny fizarana ny FAMONJY mandritry ny fisafoana amin'ny faha- 32herinandro na mihoatra ny vohoka ataon'ny mpiasan'ny fahasalamana ary mandritry ny tsidika any an-tokantrano ataon'ny mpanentana.
3. Fampiofanana ireo mpiasan'ny fahasalamana mikasika ny GATPA, ny fiarovana amin'ny fahaverezan-dra be loatra, fampitaovana tsy ankijanona ocytocine ireo tombim-pahasalamana.
4. Fampiofanana ireo mpanentana mikasika ny fitiliana ireo vehivavy bevohoka, fanentanana ireo vehivavy ireo sy ny fianakaviany mikasika ny mahazava-dehibe ny fiterahana eny amin'ny tobim-pahasalamana, loza ateraky ny fahaverezan- dra be loatra, ireo fambara loza sy ny fiomanana amin'ny fiterahana/ ny fahasarotana ary ny fampiasana ny FAMONJY ho fiarovanaary ireo fikarakarana ny zaza mena vava mandritry ny tsidikaan-tokantrano.
5. Famakafakana ireo antontanisa mahakasika ny fanentanana, ny fizarana ny FAMONJY ary ny fanatanterahana ireo asa ireo mba ahafahana mijery ny fahombiazan'ny tetikasa.

B. FIZARANA A: VANGIVANGY ARAHANA DINIDINIKA na VAD

Lesona 1: SERASERA

VOTOATIN'NY LESONA

Ity lesona ity dia ahafahan' ny mpiofana manatsara ny fomba fanaovany serasera amin'ireo olonakarakarainy ka hanamora ny fanentanana izay ataony mandritry ny vangivangy arahana dinidinika.

Ao anatin'ity lesona ity ihany koa no ampahatsiahivina ireo mpiofana ny fanentanana ho amin'ny fandresen-dahatra ary ny fahaiza-mihaino ary ny fampiasana ny takelaka hafatra.

TANJONA MANOKANA

Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Mitanisa ireo fomba fiifandraisana ampiasaina mandritry ny VAD an'ireo vehivavy bevohoka,
2. Mitanisa ireo lohahevitra ho resahina mandritry ny vangivangy arahana dinika (VAD) any antontantranon'ireo vehivavy bevohoka voafantina handray anjara amin'ny tetik'asa;
3. Mampiseho ireo asa tokony atao manoloana ireo vehivavy bevohoka azo hifantenana.

FAHARETANY : 1H 15

DRAFITRY NY LESONA

FIZARANA A: SERASERA

Lesona 1: Vangivangy an-tokantrano

Tanjona manokana	Loha- hevitra	Faharetany 1H 15	Fizotran'ny lesona	MATERIELS DIDACTIQUES
<p>Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:</p> <p>1. mitanisa ireo fomban' ny serasera ampiasaina rehefa manentana ny vehivavy bevohoka;</p> <p>2. mampiasa ireo fitaovana hanamora ny fanentanana,</p> <p>3. milaza ireo lohahevitra resahina amin'ny vangivangy an-tokantrano;</p> <p>4. manatontosa ny vangivangy an-tokantrano.</p>	<p>IREO TEKNIKAN'NY SERASERA</p> <p>- Ny fiteny izay mampiasa ny teny sy ny feo. Ny voam- bolana ampiasaina ain'izany dia mifanaraka amin'ny olona hiresahana, teny tsotra.</p> <p>- Ny fihetsika ny fihetsika, ny fahanginana, fa azo raisina ihany koa ny fitafiana,</p> <p>-Ny tekhikan'ny « Fahaizana mihaino » :</p> <ul style="list-style-type: none"> ▪ Fijerin'ny maso, ▪ Fitsiky, ▪ Tsy mijaridina, ▪ Fametrahana fanontaniana mivelatra, ▪ Hamarinina izay heno, ▪ Uhm, uhm <p>Ny tsy fahaizana mampiasa ireo fitaovan'ny serasera ireo dia miteraka sakana amin'ny fifandraisana.</p> <p>Counseling</p> <ul style="list-style-type: none"> - B= Bonjour - E= Ecouter - Renseigner - C= Conseiller - E= Eduquer - R= rendez- vous <p>Ny toromarika fototra amin'ny fampiasana mahomby ny takelakafatra</p> <ul style="list-style-type: none"> ▪ Mampiseho ny takelakafatra mba ho hitan'ny olona hiresahana mazava tsara ▪ Manome fotoana azy mba hijery tsara ny sary ▪ Manontany an'ny 	<p>3'</p> <p>2'</p> <p>10'</p> <p>5'</p> <p>10</p>	<p>- Fanafanana ny sehatra</p> <p>- Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana</p> <p>Asa 1: Rotsa- kevitra <i>Dingana a:</i> Mametraka fanontaniana amin'ny mpiofana ny mpampiofana manao hoe: <i>"Inona avy ireo fomba azo atao hanambarana fa mihaino ianao? Miova ity fanontaniana ity"</i> Manome valiny ny mpiofana. Soratan'ny mpampiofana daholo izay valiny omen'ny mpiofana. Rehefa tapitra ny fanomezana hevitra dia vakian'nympampiofana daholo ireo hevitra nomena dia mametraka fanontaniana izy hanesorana izay hevitra tsy mamlyny fanontaniana; amin'izany dia hafanain'ny mpampiofana ny adihevitra mandra- pahazo marimaritra iraisana. <i>Dingana b:</i> asehon'nympampiofana amin'ny slide ny valiny mikasika iromba azo atao hanambarana fa mihaino ianao</p> <p>Asa 2: Fiaraha- mamaky arahina Fampisehoana <i>Dingana a:</i> angatahin'ny mpiofana ny mpiofana mba hifandimby hamaky ny toromarika fototra amin'ny fampiasana</p>	<p>Flipchart Markers.</p> <p>Flipchart Markers.</p> <p>Flipchart Markers.</p>

	<p>olona mba hanazava ny tian'ny sary ho lazaina ho azy:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Inona no ataon'ny olona eo amin'ny takelakafatra ? <p>- Inona ny hafatra tiana hampitaina ?</p> <ul style="list-style-type: none"> ▪ Rehefa namaly ny fanontaniana teo ambony izy , dia anjaran'ny mpanentana indray no manazava ny takelakafatra amin'ny fiteniny manokana ilazana ny : <ul style="list-style-type: none"> - toetra manokana hanentanana, - ny hafatra, - ny toromarika omena, - ny fanampim-panazavana mifandraika amin'ny hafatra , - ny sakana (fomba amam-panao) amin'ny fanekena ny toetra takiana. 	<p>10</p> <p>5</p>	<p>mahomby ny takelakafatra.</p> <p>Asa 3: Fanontaniana arahim- baliny <i>Dingana a:</i> mametraka fanontaniana amin'ny mpiofana ny mpampiofana manao hoe " inona daholo ny lohahevitra tokony ho resahina mandritry ny tsidika any an-tokantrano ? Soratan'ny mpampiofana amin'ny solaitrabe ny valiny marina omen'ny mpiofana. <i>Dingana b:</i>" asehon'ny mpampiofana amin'ny slide ireo lohahevitra tokony ho resahina mandritry ny tsidika any an-tokantrano.</p>	
	<p>IREO LOHAHEVITRA TOKONY HO RESAHINA MANDRITRY NY TSIDIKA ANY AN-TOKANTRANONO.</p> <ul style="list-style-type: none"> - ny maha- java- dehibe ny fiterahana any amin'ny tobim- pahasalamana, - fanomanana drafitra amin'ny fiterahana, - ny zava- doza aterakin'ny fahaverezan- drà aorian'ny fiterahana, - FAMONJY miaro amin'ny fahaverezan- drà aorian'ny fiterahana. <p>Ny toromarika fototra amin'ny fampiasana mahomby ny takelakafatra</p> <ul style="list-style-type: none"> ▪ Mampiseho ny takelakafatra mba ho hitan'ny olona hiresahana mazava tsara ▪ Manome fotoana azy mba hijery tsara ny sary ▪ Manontany an'ny olona mba hanazava ny tian'ny sary ho lazaina ho azy: <ul style="list-style-type: none"> - Inona no ataon'ny olona eo amin'ny takelakafatra ? <p>- Inona ny hafatra tiana hampitaina ?</p> <ul style="list-style-type: none"> ▪ Rehefa namaly ny fanontaniana teo ambony 			<p>Flipchart Markers.</p> <p>Flipchart Markers.</p>

	<p>izy , dia anjaran'ny mpanentana indray no manazava ny takelakafatra amin'ny fitenininy manokana ilazana ny :</p> <ul style="list-style-type: none"> - toetra manokana hanentanana, - ny hafatra, - ny toromarika omena, - ny fanampim-panazavana mifandraika amin'ny hafatra , - ny sakana (fomba amam-panao) amin'ny fanekena ny toetra takiana. 			
		10	<p>Asa 4: seho antsehatra <i>Dingana a:</i> Mangataka mpiofana tsara sitrapo telo ny mpampiofana hanao seho antsehatra. Toy izao ny fizarana andraikitra amin'izany; ny iray manao ny andraikitry ny mpanentana eny anivon'ny fiaraha- monina tonga manao vangivangy an- tokantrano ka manao fanentanana mikasika ny zava- doza ateraky ny fahaverezan- drà be loatra aorian'ny fiterahana , ny iray vehivavy bevohoka ary ny iray fianakavian'ilay vehivavy bevohoka. . Tanjon'ny seho - mampiseho ny fomba fanaovana ny vangivangy an-tokantrano sy fanentanana mampiasa ireo teknikan'ny serasera. Mandritry ny fanaovana ny seho, ireo mpiofana sisa kosa dia manaraka tsara izay miseho araka ny tanjon'ny seho. Soratany amin'ny taratasy ireo fomba fitondrana ny vangivangy an-tokantrano sy fanentanana araky ny fahitan- drizareo azy sy ireo hevitra voalaza.</p>	
		5'	<p><i>Dingana b:</i> Raisin'ny mpampiofana amin'ny flipchart ireo hevitra ny mpiofana Dia aravina izay hevitra mitovy Hafanain'ny mpampiofana ny adi- hevitra mba ahatongavana amin'ny marimaritra iraisana.</p>	
		10'	<p><i>Dinganad:</i> zarain'ny mpampiofana ho tarika telo ny mpiofana. Dia mizara andraikitra izy ireo ka ny iray manao mpanentana, ny iray vehivavy bevohoka entanina ary</p>	

		5'	ny iray fianakaviana. Dia omena loha hevitra tsirairay ny tarika dia manao ny fanentanana.	
		3'	<i>Dingana f:</i> Rehefa tapitra ny seho dia mametraka fanontaniana ny mpapiofana mikasika ny fahaizana azo, ny holana niseho .	
		2'	Asa 5 Famitinana Fiverenana amin'ny tanjona manokana.	

VOTOANTONY

NY TEKNIKAN'NY FAHAIZANA MIHAINO

1. Ny fiteny izay mampiasa ny teny sy ny feo. Ny voam- bolana ampiasaina amin'izany dia mifanaraka amin'ny olona hiresahana, teny tsotra.
2. Ny fihetsika, ny fahanginana, fa azo raisina ihany koa ny fitafiana,
3. Ny fahaiza mihaino na teknikan'ny « Fihainoana » dia miseho amin'ny alalan'ireto rehefa manao VAD:
 - Fijerin'ny maso,
 - Fitsiky,
 - Tsy mijaridina,
 - Fametrahana fanontaniana mivelatra,
 - Hamarinina izay heno,
 - Uhm, uhmn

Ny MANOME dia anisan'ny fomba fanentanana mahomby.

M: Miarahaba
A: Antondia
N: Nanazava
O: Omena safidy
M: Mampahafantatra
E: Entanina hiverina

Ny tsy fahaizana mampiasa ireo fitaovan'ny serasera ireo dia miteraka sakana amin'ny fifandraisana.

IREO LOHAHEVITRA TOKONY HO RESAHINA MANDRITRY NY TSIDIKA ANY AN-TOKANTRANONO.

1. ny maha zava- dehibe ny fiterahana any amin'ny tobim- pahasalamana,
2. fanomanana drafitra amin'ny fiterahana,
3. ny zava- doza aterakin'ny fahaverezan- drà be loatra aorian'ny fiterahana,
4. FAMONJY miaro amin'ny fahaverezan- drà aorian'ny fiterahana.

NY TOROMARIKA FOTOTRA SY MAHOMBY AMIN'NY FAMPIASANA NY TAKELAKAFATRA

- Mampiseho ny takelakafatra mba ho hitan'ny olona hiresahana mazava tsara
- Manome fotoana azy mba hijery tsara ny sary
- Mametraka fanontaniana sy mangataka aminy mba hilaza izay heveriny ho hafatra avoakan'ny sary:
Ohatra:
- Inona no ataon'ny olona eo amin'ny takelakafatra? - Inona ny hafatra tiana hampitaina ?
- Rehefa namaly ny fanontaniana teo ambony izy, dia anjaran'ny mpanentana indray no manazava ny takelakafatra amin'ny fiteniny manokana ilazana ny :
 - Toetra manokana hanentanana,
 - Ny hafatra,
 - Ny toromarika omena,
 - Ny fanampim-panazavana mifandraika amin'ny hafatra ,
 - Ny sakana (fomba amam-panao) amin'ny fanekena ny toetra takiana.

TANJON'NY VANGIVANGY ARAHINA DINIDINIKA NA VAD

1. Ahafahana mahafantatra ny fomba fiainan'ny fianakaviana ka ahalalana ny fiantraikan'ny tontolo iainana sy ny fahasalamana;
2. Ahafahana mitondra fanampiana sy fanohanana ny fianakaviana ka ahazoany mamaha ireo holana ara- pahasalamana mahazo ny fianakaviana;
3. Manoro ny renim- pianakaviana sy ny ankohonany ahoana no fanomezana fanafody sy ny fikarakarana ara- pahasalamana.
4. Mandefa ny fianakaviana amin'ny toeram- pitsaboana manokana raha toa izy tsy afaka mamaha ny holany ara- pahasalamana.

Ireo dingan'ny VAD

Dingana voalohany: Fiomanana mialoha ny VAD

- Jerena ny tanjona, ny loha-hevitra sy ny anton-dia mialoha ny hanaovana ilay vangivangy
- Hiverenana jerena koa ny fahalalana mikasika ny loha-hevitra nosafidiana
- Omanina ny fitaovana ho entina manentana mba hifanaraka amin'ny lohahevitra nosafidiana (Takelakafatra, afisy sns...)
- Ampilazaina mialoha ny tokantrano ho vangiana.

Dingana faharoa : fifandraisana amin'ny fianakaviana

- Miarahaba sy manantsafa;
- Manao fanamarihana izay ifaharan'ny dinika izay ho atao :
- Fanazavana ny anton'ny tsidika an- tokantrano

Dingana fahatelo: fandinihana sy fifampidinihana

- Mametraka fanontaniana
- Mamaly fanontaniana
- Mifampidinika
- Manao fampianarana amin'ny fianakaviana
- Dinihina koa ny fihetsiky ny olona hifampiresana (mitsikitsiky ve izy sa sorena, mihaino tsara sa tsy rototra amin'ny resaka atao aminy sns...)

Dingana fahaefatra: famintinana, fanaovana ary famaranana ny tsidika

- Miady hevitra amin'ny fianakaviana
- Manao famintinanana any amin'ny faran'ny tsidika
- Mametraka drafitr'asa ho tanterahana.

Dingana fahadimy: toman'ezaky ny VAD natao

- Atao toman'ezaka ny VADnatao sy ny fomba nentina nanaovana azy
- Trandrahana ireo hevitra rehetra azo handrafetana ny drafitrasa ho atao amin'ny manaraka.

FIZAHANA FAMPIASANA NY TAKELAKAFATRA

TOERANA:	DATY:				
<u>AMBARATONGA NY ASA</u>					
	1	2	3	4	5
FIOMANANANA					
1. Misafidy ny takelafatra mifananaraka amin'ny anton'ny fanentanana					
2. Mamerina ny fitadidiana ny hevi-baventy					
3. Misaintsainina ny tokony ho sakana sy ny vahaolana aroso					
4. Mandamina ao anaty kitapo ny takelakafatra					
FANENTANANA					
5. Miarahaba					
6. Manao fihetsika mba hamora ny resaka					
7. Anontaniana ny fahasalamana ilay reny (sy ny zanany)					
8. Raha MISY fambara-loza dia ajanona ny fanentanana ary atoro mba handeha any amin'ny tobimpahasalamana haingana					
9. Raha TSY MISY : Aseo ny takelakafatra					
10. Manontany ny hevitra fonosin'ny Sary					
11. Manazava ny hevitra fonosin'ny sary amin'ny fiteny mahazatra: avoitra ny fihetsika tiana arahina, ny hevitra fototra, ny mety olana amin'ny fanarahana izany, ny fomba fanao mety misakana, ny torohevitra mba ialana amin'ny sakana					
12. Asaina averin'ny olona iresahana ny fahazoany ny resaka natao					
13. Manamafy ny resaka					
14. Misaotra ary milaza ny andro hiverenenan'ny olona ao amin'ny toby					
AORIAN'NY FANENTANANA					
15. Ampirimina ny takelakafatra					
16. Marihina ny andro nantenana sy ny lohahevitra ao antin'ny fisy tatitry ny asa					

C. FIZARANA B: FOMBAMBA FANDRAISANA ANJARA

Lesona 2: fepetra ahazoana mandray anjara

VOTOATIN'NY LESONA

Ity lesona ity dia ahafantaran'ny mpiofana ireo fepetra tsy maintsy fenoina mba ahafahana mandray ny vehivavy bevohoka ho mpandray anjara amin'ny tetik'asa. Fa alohan'ny zavatra rehetra dia tsy maintsy mahay manisa ireo vehivavy mitondra vohoka ao amin'ny fokontany iadidiny izy. Manarak'izay tokony ahay hikajy ny daty mety ahaterahan'ilay vehivavy koa izy.

Ity lesona ity dia manampy ny mpiofana ahay ireo rehetra ireo.

TANJONA MANOKANA

Rehefa tapitra ny lesona, ny mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Manisasy mitana an-tsoratra ireo vehivavy bevohoka ao amin'ny fokontany misy azy.
2. Mikajy ny daty haterahan'ilay vehivavy.
3. Manazava ireo fepetra mahavoafidy ireo vehivavy bevohoka ho mpandray anjara amin'ny tetikasa.

FAHARETAN'NY LESONA: 30'

DRAFITRY NY LESONA
FIZARANA B : FOMBA AHAZOANA MANDRAY ANJARA
Lesona 2 : Ireo fepetra ahazoana mandray anjara

Tanjona manokana	Loha- hevitra	Faharetany 30'	Fizotran'ny lesona	Fitaovana entina mampianatra
<p>Rehefa tapitra ny lesona, ny mpiofana dia tokony ho afaka:</p> <ol style="list-style-type: none"> 1. Manisasy mitana an-tsoratra ireo vehivavy bevohoka ao amin'ny fokontany misy azy. 2. Mikajy ny daty haterahan'ilay vehivavy. 3. Manazava ireo fepetra mahavoafidy ireo vehivavy bevohoka ho mpandray anjara amin'ny tetikasa. 	<p>1. FEPETRA MAHAOVOAFIDY NY VEHIVAVY BEVOHOKA</p> <p>Voafidy hanantanteraka ny tetik'asa, ireo vehivavy bevohoka mahafeno ireto fepetra ireto :</p> <ul style="list-style-type: none"> - 15 taona no mihoatra ; - manome ny fankatoavany mazava rehefa nahazo ny fanazavana mikasika ny antony ampiasana ny FAMONJY. - 32 herinandro na mihoatra ny vohoka ; - tsy mbola tratry ny tsy fahazakana ireo prostaglandines; - tsy natao césarienne tany aloha tany. <p>Ireto kosa ireo fepetra mety tsy andraisana ilay vehivavy bevohoka :</p> <ul style="list-style-type: none"> -ny vehivavy rehetra Izay nahitana fahaserotana nandritry ny vohoka, ohatra fiakaran'ny tosi-drà, tsy fahampian'ny rà, <p>Rehefa miseho izany dia averina ny FAMONJY izay nomena azy. Rehefa izany, ny mpitsabo sy ny mpanentana eny anivon'ny fiaraha- monina dia manafatra sy manoro ireny vehivavy ireny hiteraka eny amin'ny tobim- pahasalamana.</p>	<p style="text-align: center;">2</p> <p style="text-align: center;">5</p> <p style="text-align: center;">5</p> <p style="text-align: center;">5</p> <p style="text-align: center;">10</p> <p style="text-align: center;">5</p> <p style="text-align: center;">2</p>	<ul style="list-style-type: none"> - Fanafanana ny sehatra - Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana <p>Asa 3: Fiaraha- mamaky <i>Dingana a</i>:: angatahin'ny mpiofana ny mpiofana mba hifandimby hamaky ireo fepetra mahavoafidy ny tobim-pahasalamana, ny vehivavy bevohoka.</p> <p>Asa 3: Fiaraha- mamaky <i>Dingana a</i>: angatahin'ny mpiofana ny mpiofana mba hifandimby hamaky ireo fepetra mahavoafidy ny tobim-pahasalamana, ny vehivavy bevohoka.</p> <p>Asa 4: Fizarana mamemo fisy fanisana vehivavy bevohoka</p> <p>Asa 5:</p> <p>Famintinana Fiverenana amin'ny tanjona manokana</p>	

VOTOATINY

Ny fomba itadiavana ireo vehivavy bevohoka ao amin'ny faritra iadidiana

- Manontany eny amin'ny Tobimpahasalamana
- Manontany ny Sefo fokotany na ny kartie
- VAD
- Fivoriam-behivavy.

Ireo antony ilaina ny fanisana ireo vehivavy bevohoka ao amin'ny faritra iadidiana.

1. *Mba afahany manentana ireo vehivavy bevohoka rehetra ao amin'ny FKT iainana mba ahalala :*
 - Ny tombontsoan'ny fisafoana
 - Ny fambara loza mandritry ny vohoka
 - Ny fanomana ny fiterahana
 - Ny zavamisy amin'ny VIH
2. *Mba hahafahana manisa ireo vehivavy bevohoka mety ho mpandray anjara @ tetikasa.*

Ny fikajiana ny daty mety ahaterahana

- DMH = DFF + 10 andro + 9 volana
- Ohatra :

DFF : 10 des. 2003 DMH : 20 sept 2004 DFF : 28 sept 2003 DMH: 6 jolay 2004
DFF : 2 nov. 2003 DMH : 12 aogos 2004

Marihina fa ity fomba ity dia manome daty mifanakaiky amin'ny andro haterahana. Mety misy zaza teraka 15 andro aloha na ao aoriana.

- Eto amin'ny fisy dia miampy 10 ny DFF mba ahazoana ny daty (DHM) ary ny volana miampy 9

- Ohatra:
 - DFF= 14 Jan (1)
 - DMH = 21Okt (10)
 - TAV = 28 Sept (9)

Ny fomba itadiavana ireo vehivavy bevohoka ao amin'ny faritra iadidiana

- Manontany eny amin'ny Tobimpahasalamana
- Manontany ny Sefo fokotany na ny kartie
- VAD

- Fivoriam-behivavy

1. FEPETRA MAHAVOAFIDY NY VEHIVAVY BEVOHOKA

Voafidy handray anjara ao amin'ny tetik'asa, ireo vehivavy bevohoka mahafeno ireto fepetra ireto:

1. 15 taona no mihoatra;
2. Manome ny fankatoavany mazava rehefa nahazo ny fanazavana mikasika ny antony ampiasana ny FAMONJY.
3. 32 herinandro na mihoatra ny vohoka;
4. Tsy mbola tratry ny tsy fahazakana ireo prostaglandines;
5. Tsy natao césarienne na fiterahana amin'ny alalan'ny fandidiana tany aloha.

Ireto kosa ireo fepetra mety tsy andraisana ilay vehivavy bevohoka:

- Ny vehivavy rehetra izay nahitana fahasarotana nandritry ny vohoka, ohatra fiakaran'ny tosi-drà, tsy fahampian'ny rà.

Rehefa miseho izany dia asaina averina ny FAMONJY izay nomena azy. Rehefa izany, ny mpitsabo sy ny mpanentana eny anivon'ny fiaraha- monina dia manafatra sy manoro ireny vehivavy ireny hiteraka eny amin'ny tobim- pahasalamana.

TABILAO FITERAHANA

DATY FOTOANA FARANY (DFF)/DATY METY HATERAHANA (DMH)/TSY AMPY VOLANA(TAV)																																
		DATY SY VOLANA																														
Jan	DFF	01-jan	02-jan	03-jan	04-jan	05-jan	06-jan	07-jan	08-jan	09-jan	10-jan	11-jan	12-jan	13-jan	14-jan	15-jan	16-jan	17-jan	18-jan	19-jan	20-jan	21-jan	22-jan	23-jan	24-jan	25-jan	26-jan	27-jan	28-jan	29-jan	30-jan	31-jan
	DMH	11-okt	12-okt	13-okt	14-okt	15-okt	16-okt	17-okt	18-okt	19-okt	20-okt	21-okt	22-okt	23-okt	24-okt	25-okt	26-okt	27-okt	28-okt	29-okt	30-okt	31-okt	01-nov	02-nov	03-nov	04-nov	05-nov	06-nov	07-nov	08-nov	09-nov	10-nov
	TAV	15-sept	16-sept	17-sept	18-sept	19-sept	20-sept	21-sept	22-sept	23-sept	24-sept	25-sept	26-sept	27-sept	28-sept	29-sept	30-sept	01-okt	02-okt	03-okt	04-okt	05-okt	06-okt	07-okt	08-okt	09-okt	10-okt	11-okt	12-okt	13-okt	14-okt	15-okt
Feb	DFF	01-feb	02-feb	03-feb	04-feb	05-feb	06-feb	07-feb	08-feb	09-feb	10-feb	11-feb	12-feb	13-feb	14-feb	15-feb	16-feb	17-feb	18-feb	19-feb	20-feb	21-feb	22-feb	23-feb	24-feb	25-feb	26-feb	27-feb	28-feb	29-feb		
	DMH	11-nov	12-nov	13-nov	14-nov	15-nov	16-nov	17-nov	18-nov	19-nov	20-nov	21-nov	22-nov	23-nov	24-nov	25-nov	26-nov	27-nov	28-nov	29-nov	30-nov	01-des	02-des	03-des	04-des	05-des	06-des	07-des	08-des	09-des		
	TAV	16-okt	17-okt	18-okt	19-okt	20-okt	21-okt	22-okt	23-okt	24-okt	25-okt	26-okt	27-okt	28-okt	29-okt	30-okt	31-okt	01-nov	02-nov	03-nov	04-nov	05-nov	06-nov	07-nov	08-nov	09-nov	10-nov	11-nov	12-nov	13-nov		
mar	DFF	01-mar	02-mar	03-mar	04-mar	05-mar	06-mar	07-mar	08-mar	09-mar	10-mar	11-mar	12-mar	13-mar	14-mar	15-mar	16-mar	17-mar	18-mar	19-mar	20-mar	21-mar	22-mar	23-mar	24-mar	25-mar	26-mar	27-mar	28-mar	29-mar	30-mar	31-mar
	DMH	11-des	12-des	13-des	14-des	15-des	16-des	17-des	18-des	19-des	20-des	21-des	22-des	23-des	24-des	25-des	26-des	27-des	28-des	29-des	30-des	31-des	01-jan	02-jan	03-jan	04-jan	05-jan	06-jan	07-jan	08-jan	09-jan	10-jan
	TAV	13-nov	14-nov	15-nov	16-nov	17-nov	18-nov	19-nov	20-nov	21-nov	22-nov	23-nov	24-nov	25-nov	26-nov	27-nov	28-nov	29-nov	30-nov	01-des	02-des	03-des	04-des	05-des	06-des	07-des	08-des	09-des	10-des	11-des	12-des	13-des
Apr	DFF	01-apr	02-apr	03-apr	04-apr	05-apr	06-apr	07-apr	08-apr	09-apr	10-apr	11-apr	12-apr	13-apr	14-apr	15-apr	16-apr	17-apr	18-apr	19-apr	20-apr	21-apr	22-apr	23-apr	24-apr	25-apr	26-apr	27-apr	28-apr	29-apr	30-apr	
	DMH	11-jan	12-jan	13-jan	14-jan	15-jan	16-jan	17-jan	18-jan	19-jan	20-jan	21-jan	22-jan	23-jan	24-jan	25-jan	26-jan	27-jan	28-jan	29-jan	30-jan	31-jan	01-feb	02-feb	03-feb	04-feb	05-feb	06-feb	07-feb	08-feb	09-feb	
	TAV	14-des	15-des	16-des	17-des	18-des	19-des	20-des	21-des	22-des	23-des	24-des	25-des	26-des	27-des	28-des	29-des	30-des	31-des	01-jan	02-jan	03-jan	04-jan	05-jan	06-jan	07-jan	08-jan	09-jan	10-jan	11-jan	12-jan	
May	DFF	01-may	02-may	03-may	04-may	05-may	06-may	07-may	08-may	09-may	10-may	11-may	12-may	13-may	14-may	15-may	16-may	17-may	18-may	19-may	20-may	21-may	22-may	23-may	24-may	25-may	26-may	27-may	28-may	29-may	30-may	31-may
	DMH	11-feb	12-feb	13-feb	14-feb	15-feb	16-feb	17-feb	18-feb	19-feb	20-feb	21-feb	22-feb	23-feb	24-feb	25-feb	26-feb	27-feb	28-feb	29-feb	01-mar	02-mar	03-mar	04-mar	05-mar	06-mar	07-mar	08-mar	09-mar	10-mar	11-mar	12-mar

	TAV	13-jan	14-jan	15-jan	16-jan	17-jan	18-jan	19-jan	20-jan	21-jan	22-jan	23-jan	24-jan	25-jan	26-jan	27-jan	28-jan	29-jan	30-jan	31-jan	01-feb	02-feb	03-feb	04-feb	05-feb	06-feb	07-feb	08-feb	09-feb	10-feb	11-feb	12-feb
Jou	DFF	01-jona	02-jona	03-jona	04-jona	05-jona	06-jona	07-jona	08-jona	09-jona	10-jona	11-jona	12-jona	13-jona	14-jona	15-jona	16-jona	17-jona	18-jona	19-jona	20-jona	21-jona	22-jona	23-jona	24-jona	25-jona	26-jona	27-jona	28-jona	29-jona	30-jona	
	DMH	11-mar	12-mar	13-mar	14-mar	15-mar	16-mar	17-mar	18-mar	19-mar	20-mar	21-mar	22-mar	23-mar	24-mar	25-mar	26-mar	27-mar	28-mar	29-mar	30-mar	31-mar	01-apr	02-apr	03-apr	04-apr	05-apr	06-apr	07-apr	08-apr	09-apr	
	TAV	13-feb	14-feb	15-feb	16-feb	17-feb	18-feb	19-feb	20-feb	21-feb	22-feb	23-feb	24-feb	25-feb	26-feb	27-feb	28-feb	29-feb	01-mar	02-mar	03-mar	04-mar	05-mar	06-mar	07-mar	08-mar	09-mar	10-mar	11-mar	12-mar	13-mar	
Jol	DFF	01-jol	02-jol	03-jol	04-jol	05-jol	06-jol	07-jol	08-jol	09-jol	10-jol	11-jol	12-jol	13-jol	14-jol	15-jol	16-jol	17-jol	18-jol	19-jol	20-jol	21-jol	22-jol	23-jol	24-jol	25-jol	26-jol	27-jol	28-jol	29-jol	30-jol	31-jol
	DMH	11-apr	12-apr	13-apr	14-apr	15-apr	16-apr	17-apr	18-apr	19-apr	20-apr	21-apr	22-apr	23-apr	24-apr	25-apr	26-apr	27-apr	28-apr	29-apr	30-apr	01-may	02-may	03-may	04-may	05-may	06-may	07-may	08-may	09-may	10-may	11-may
	TAV	15-mar	16-mar	17-mar	18-mar	19-mar	20-mar	21-mar	22-mar	23-mar	24-mar	25-mar	26-mar	27-mar	28-mar	29-mar	30-mar	31-mar	01-apr	02-apr	03-apr	04-apr	05-apr	06-apr	07-apr	08-apr	09-apr	10-apr	11-apr	12-apr	13-apr	14-apr
Aog	DFF	01-aog	02-aog	03-aog	04-aog	05-aog	06-aog	07-aog	08-aog	09-aog	10-aog	11-aog	12-aog	13-aog	14-aog	15-aog	16-aog	17-aog	18-aog	19-aog	20-aog	21-aog	22-aog	23-aog	24-aog	25-aog	26-aog	27-aog	28-aog	29-aog	30-aog	31-aog
	DMH	11-may	12-may	13-may	14-may	15-may	16-may	17-may	18-may	19-may	20-may	21-may	22-may	23-may	24-may	25-may	26-may	27-may	28-may	29-may	30-may	31-may	01-jona	02-jona	03-jona	04-jona	05-jona	06-jona	07-jona	08-jona	09-jona	10-jona
	TAV	15-apr	16-apr	17-apr	18-apr	19-apr	20-apr	21-apr	22-apr	23-apr	24-apr	25-apr	26-apr	27-apr	28-apr	29-apr	30-apr	01-may	02-may	03-may	04-may	05-may	06-may	07-may	08-may	09-may	10-may	11-may	12-may	13-may	14-may	15-may
Sep	DFF	01-sept	02-sept	03-sept	04-sept	05-sept	06-sept	07-sept	08-sept	09-sept	10-sept	11-sept	12-sept	13-sept	14-sept	15-sept	16-sept	17-sept	18-sept	19-sept	20-sept	21-sept	22-sept	23-sept	24-sept	25-sept	26-sept	27-sept	28-sept	29-sept	30-sept	

DMH

D. FIZARANA B: FOMBAFOMBAFANDRAISANA ANJARA

Lesona 3: fankatoavana mazava

VONTOATIN'NY LESONA

Ireo mpanentana eo anivon'ny fiaraha-monina (AC) dia omena fiofanana mba ahafahany mahazo ny fahaiza- manao ahazoany hanentana ny vehivavy bevohoka mahafeno ny fepetra mikasika ny fankatoavana mazava.

Ity lesona ity dia ahafahan'ireo mpiofana hifehy ny votoatin'ireo taratasy fankatoavana sy ireo dingana arahana mba ahazoana izany.

TANJONA MANOKANA

Rehefa mifarana ny fiofanana, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Hanazava amin'ny vehivavy bevohoka tsirairay ireo tokony ho fantany ao anatin'ilay taratasy fankatoavana;
2. Manamarina raha tena mazava tsara amin'ilay vehivavy izay voalaza;
3. Manaja ireo dingana ahazoana ny fankatoavan'ilay vehivavy.

FAHARETAN'NY LESONA : 30

RAFITRY NY LESONA

FIZARANA B : FOMBA AHAZOANA MANDRAY ANJARA Lesona 3 :Ny fankatoavana mazava

Tanjona manokana	Loha- hevitra	Fahare tany 30'	Fizotran'ny lesona	Fitaovana entina mampianatra
<p>Rehefa mifarana ny fiofanana, ireo mpiofana dia tokony ho afaka :</p> <p>1. hanazava amin'ny vehivavy bevhoka tsirairay ireo tokony ho fantany ao anatin'ilay taratasy fankatoavana mba ampahazava izany fankatoavana izany ;</p> <p>2. manamarina raha tena mazava tsara amin'ilay vehivavy izay voalaza ;</p>	<p>Ireo hevi-dehibe vorakitra ao anatin'ilay taratasy fankatoavana</p> <p>- ireo kirakira ilaina ampahafantarana mazava amin'ilay vehivavy bevhoka ny tanjon'ilay tetik'asa ;</p> <p>- ny fahazoan'ilay vehivavy manajanona ny fandraisany anjara amin'ny fotoana rehetra</p> <p>- ny vehivavy bevhoka mpandray anjara dia mahazo ny pilina FAMONJY izay azony ampiasaina raha toa izy ka miteraka tsy any amin'ny tobim- pahasalamana;</p> <p>- ny fanafody dia mety hanana fiasany tsy nampoizina na zava-mitranga manelingelina ;</p> <p>- mandritry ny fizaham-pahasalamana aorian 'ny fiterahana, ilay vehivavy dia tsy maintsy mamaly izay fanontaniana apetraka aminy mikasika ny fiterahany, ny FAMONJY (ny fampiany na tsy fahampiany</p>	<p>3'</p> <p>2'</p> <p>15'</p> <p>5'</p> <p>5'</p>	<p>- Fanafanana ny sehatra - Famakiana sy Fanazavana ireo tanjona manokana</p> <p>Asa 1 :Seho an- tsehatra <u>Dingana a</u> : mpampiofana anankiroa no manao seho- antsehatra. Ny iray manao ny andraikitry ny mpitsabo, ny iray kosa ilay vehivavy bevhoka ary mpiofana anankiray kosa mapanaraka ilay vehivavy bevhoka Tanjon'ilay seho an- tsehatra - Mampiseho ireo voarakitra ao anaty taratasy fankatoavana mazava. - Mampahafantatra ireo dingana arahina mikasika ny fankatoavana mazava arakaraky ny mombamomba ilay vehivavy bevhoka. Mandritry ny anantanterahan' ireo mpampiofana ny seho an- tsehatra, ireo mpiofana kosa dia hanaraka izany seho izany sady handray antoratra ny henony sy hitany mandritry ny sehatra mifanaraka amin'ireo tanjon'ny seho ireo.</p> <p><u>Dingana b</u> : Mpampiofana iray hafa mandray an-tsoratra amin'ny solaitrabe ireo hevitra aposak'ireo mpiofana ary mandravona ireo hevitra mitovy ary dia mpampiofana ny adi- hevitra mba ahatongavana amin'ny marimaritra iraisana.</p> <p><u>Dingana d</u> : Asehon'ny mpampiofana amin'ny slide ; ny hevi- dehibe ao anatin'ny taratasy fankatoavana, ireo fomba ahazoana ny fankatoavana.</p>	<p>Flipchart</p> <p>Markers</p> <p>Latabatra</p> <p>Seza</p> <p>Flipchart Markers</p> <p>Flipchart</p> <p>Markers</p> <p>Flipchart Markers</p> <p>Slide</p>
<p>3. manaja ireo dingana ahazoana ny fankatoavan'ilay vehivavy araky ny karazany avy.</p>	<p>IREO FOMBA AHAZOANA NY FANKATOAVANA ARAKARAKY NY MOMBAMOMBAN'ILAY VEHIVAVY BEVOHOKA</p>	<p>5</p>	<p>Asa 2 : Famakiana takelaka</p>	

	<p><i>a) raha toa ilay vehivavy mahay mamaky teny :</i></p> <ul style="list-style-type: none"> - ny fankatoavana dia mety ambava na an-tsoratra ; - ny vehivavy tsirairay dia manao sonia ny taratasy fankatoavana raha toa izay ka mahay manoratra, na ny diam- panondro raha to aizy ka tsy mahay manoratra; - Hamarinin'ny mpitsabo tsara ny fahazoan'ilay vehivavy ny fankatoavana. <p><i>b) raha toa ilay vehivavy tsy mahay manoratra sy mamaky teny</i></p> <ul style="list-style-type: none"> - ny fankatoavana dia omeny eo anatrehan'ny vavolombelona iray izay tiany ; - ny mpitsabo dia hanamafy izany fankatoavana izany an- tsoratra 	<p>5</p> <p>2</p>	<p>Asa 2 Famintinana Fiverenana amin'ny tanjona manokana</p>	
--	---	-------------------	---	--

VOTOATINY

IREO HEVI-DEHIBE AO ANATIN'ILAY TARATASY FANKATOAVANA

- Ireo kirakira ilaina ampahafantarana mazava amin'ilay vehivavy bevohoka ny tanjon'ilay tetik'asa;
- Ny fahazoan'ilay vehivavy manajanona ny fandraisany anjara amin'ny fotoana rehetra
- Ny vehivavy bevohoka mpandray anjara dia mahazo ny pilina FAMONJY izay azony ampiasaina raha toa izy ka miteraka tsy any amin'ny tobim- pahasalamana;
- Ny fanafody dia mety hanana fiasany tsy nampoizina na zava- mitranga manelingelina;
- Nandritry ny fizaham- pahasalamana aorian 'ny fiterahana, ilay vehivavy dia tsy maintsy mamaly izay fanontaniana apetraka aminy mikasika ny fiterahany, ny FAMONJY (ny fampiany na tsy fahampiany).

IREO FOMBA AHAZOANA NY FANKATOAVANA ARAKARAKY NY MOMBAMOMBAN'ILAY VEHIVAVY BEVOHOKA

a) raha toa ilay vehivavy mahay mamaky teny :

- Ny fankatoavana dia mety ambava na an-tsoratra;
- Ny vehivavy tsirairay dia manao sonia ny taratasy fankatoavana raha toa izay ka mahay manoratra, na ny diam- panondro raha to aizy ka tsy mahay manoratra;
- hamarinin'ny mpanentana tsara ny fahazoan'ilay vehivavy ny fankatoavana.

b) raha toa ilay vehivavy tsy mahay manoratra sy mamaky teny

- Ny fankatoavana dia omeny eo anatrehan'ny vavolombelona iray izay tiany;
- Ny mpitsabo dia hanamafy izany fankatoavana izany an- tsoratra.

E. FIZARANA D: FIOMANANA AMIN'NY FITERAHANA

Lesona 4: Fiomanana amin'ny fiterahana

VOTOATIN'NY LESONA

Zava- dehibe ho an'ny vehivavy bevohoka ny fahafantarana ny fotoana ahaterahana sy ireo fiomanana tokony atao ihatrehana izany.

Ity lesona ity dia hanampy be dia be ireo mpiofana mba ahafahany manampy ireo vehivavy bevohoka ao amin'ny faritra iadidiany.

TANJONA MANOKANA

Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:

- 2.** Manazava ny mahazava- dehibe ny fiomanana amin'ny fiterahana.
- 3.** Mitanisa ireo fiomanana tokony apetraka

FAHARETAN'NY LESONA : 50'

DRAFITRY NY LESONA

FIZARANA E: FIOMANANA AMIN'NY FITERAHANA SY

FAHALALANA IREO FAMBARA LOZA

Lesona 5: Fiomana amin'ny fiterahana I

Tanjona manokana	Loha- hevitra	Faharetany 50'	Fizotran'ny lesona	Fitaovana entina mampianatra
<p>Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:</p> <p>1. Manazava ny mahazava- dehibe ny fiomanana amin'ny fiterahana.</p>	<p>Manaova tahiry mba hitsinjovana ny fiterahana na ny fahasaratana, na amin'ny fandania hafa mety ilaina amin'ny fitsaboana sy ny fitaterana</p> <ul style="list-style-type: none"> - Fantaro ny momba ny fitaterana - Ampiomano ny olona hanaraka anao eny amin'ny tobipahasalamana sy ny hijanona hiandry ny trano mandritry ny fotoana tsy maha eo anao <p>Ireo fitaovana tokony omanina raha toa hiteraka an- trano:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Lamba madio dimy - savony - Hareza vaovao (mbola ao anaty fonony) - Kofehy madio sy matevina telo farafaha keliny hamatorana ny tadim-poitra - Ampangotray mandritra ny 20 minitra ny hareza sy ny kofehy raha vao manomboka ny fihetsehan-jaza. - Tandrovny hadio sy ho maina ny tadim-poitra 	<p>3'</p> <p>2'</p> <p>10'</p> <p>5'</p>	<ul style="list-style-type: none"> - Fanafanana ny sehatra - Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana <p>1: Rotsa- kevitra</p> <p><i>Dingana a:</i> Mametraka fanontaniana amin'ny mpiofana ny mpampiofana manao hoe: “ Inona no maha- zava-dehibe ny fiomanan'ny vehivavy bevohoka sy ny fianakaviany amin'ny fiterahana ? ”</p> <p>Manome valiny ny mpiofana. Soratan'ny mpampiofana daholo izay valiny omen'ny mpiofana. Rehefa tapitra ny fanomezana hevitra dia vakian'nympampiofana daholo ireo hevitra nomena fia mametraka fanontaniana izy hanesorana izay hevitra tsy mamly ny fanontaniana; amin'izany dia hafanain'ny mpampiofana ny adi- hevitra mandrapahazo marimaritra iraisana.</p> <p><i>Dingana b:</i> asehon'nympampiofana amin'ny flipchart ny valiny mikasika ireo toromarika omena ny reny bevohoka sy ny fianakaviany ny maha zava-dehibe ny fiomanana hiatrika ny fiterahana sy raha sendra misy ny fahamehana</p>	
<p>2. mitanisa ireo fiomanana tokony apetraka alohan'ny fiterahana;</p>		<p>5'</p> <p>5'</p> <p>5'</p>	<p>Asa 3: Asa iarahana</p> <p><i>Dingana a:</i> zaraina ho vondrona ireo mpiofana ka asaina mamaly ity fanontaniana ity:</p> <p>1°) Inona ireo fitaovana tokony omanina raha toa hiteraka an- trano? Ny vondrona tsirairay dia manondro mpitondra teniny</p> <p><i>Dingana b:</i> manamabara ampahibemaso ny valin'ny fanontaniana ny mpitonfra teny tsirairay. Tarihin'ny mpampiofana sy hafanainy ny ady hevitra mba ahatongavan'ny vondrona rehetra amin'ny marimaritra hiraiana.</p> <p><i>Dingana d:</i> asehon'nympampiofana amin'ny slide /flipchart ny valiny mikasika ireo fitaovana tokony</p>	

		3'	omanina raha toa hiteraka an- trano.	
		2	Asa 4 Famintinana Fiverenana amin'ny tanjona manokana	

Torohavitra omena ny reny bevohoka sy ny fianakaviany ny maha zava-dehibe ny fiomanana hiatrika ny fiterahana sy raha sendra misy ny fahamehana.

- Fantaro miaraka amin'ny mpitsabo ny toerana hiterahana,
- Diniho miaraka amin'ny mpitsabo ireo andro fisafoana sy ny fotoana tokony ahatongavana eny amin'ny tobipahasalamana ary ny zavatra ho entina rehefa hiteraka,
- Omano ny fitaovana ho an'ny reny sy ny zaza.
- Manaova tahiry mba hitsinjovana ny fiterahana na ny fahasaratana, na amin'ny fandaniana hafa mety ilaina amin'ny fitsaboana sy ny fitaterana,
- Fantaro ny momba ny fitaterana,
- Ampiomano ny olona hanaraka anao eny amin'ny tobipahasalamana sy ny hijanona hiandry ny trano mandritry ny fotoana tsy maha eo anao

Ireo fitaovana tokony omanina raha toa hiteraka an- trano:

- Lamba madio dimy,
- savony,
- Hareza vaovao (mbola ao anaty fonony),
- Kofehy madio sy matevina telo farafaha keliny hamatorana ny tadim-poitra,
- Ampangotray mandritra ny 20 minitra ny hareza sy ny kofehy raha vao manomboka ny fihetsehan-jaza,
- Tandrovny hadio sy ho maina ny tadim-poitra

F. FIZARANA E: FAMBARA LOZA

Lesona 5: Fambara loza aorian' ny fiterahana

VONTOATIN'NY LESONA

Ny fianakaviana dia mieritreritra fa ny fotoana aorian'ny fiterahana dia vaninandro aradana toy ny fitondrana vohoka sy ny fiterahana ka tsy mila fanarahamaso rehefa avy teraka, indrindra raha tsy nisy ny olana.

Ity lesona ity dia ahafahan'ny mpiofana mahalala fa misy koa ireo fambara loza tokony ho fantarina aorian'ny fiterahana mba ahafahana misoroka azy ireo.

TANJONA MANOKANA

Rehefa tapitra ny lesona, ny mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Mitanisa ireo fambara loza eo amin'ny vehivavy vao avy niteraka.

FAHARETAN'NY LESONA : 20'

FIZARANA E: FIOMANANA AMIN'NY FITERAHANA SY

FAHALALANA IREO FAMBARA LOZA

Lesona 5: Fiomanana amin'ny fiterahana I

Tanjona manokana	Loha- hevitra	Faharetany 50'	Fizotran'ny lesona	Fitaovana entina mampianatra
<p>Rehefa tapitra ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:</p> <p>1. Manazava ny mahazava-dehibe ny fiomanana amin'ny fiterahana.</p>	<p>Manaova tahiry mba hitsinjovana ny fiterahana na ny fahasaratana, na amin'ny fandanianana hafa mety ilaina amin'ny fitsaboana sy ny fitaterana</p> <ul style="list-style-type: none"> - Fantaro ny momba ny fitaterana - Ampiomano ny olona hanaraka anao eny amin'ny tobipahasalamana sy ny hijanona hiandry ny trano mandritry ny fotoana tsy maha eo anao <p>Ireo fitaovana tokony omanina raha toa hiteraka an- trano:</p> <ul style="list-style-type: none"> - Lamba madio dimy - savony - Hareza vaovao (mbola ao anaty fonony) - Kofehy madio sy matevina telo farafaha keliny hamatorana ny tadim-poitra - Ampangotray mandritra ny 20 minitra ny hareza sy ny kofehy raha vao manomboka ny fihetsehan-jaza. - Tandrovny hadio sy ho maina ny tadim-poitra 	<p>3'</p> <p>2'</p> <p>10'</p> <p>5'</p> <p>5'</p>	<ul style="list-style-type: none"> - Fanafanana ny sehatra - Famakiana sy fanazavana ny tanjona manokana <p>1: Rotsa- kevitra</p> <p><i>Dingana a:</i> Mametraka fanontaniana amin'ny mpiofana ny mpampiofana manao hoe: " Inona no maha- zava-dehibe ny fiomanan'ny vehivavy bevohoka sy ny fianakaviany amin'ny fiterahana ? "</p> <p>Manome valiny ny mpiofana. Soratan'ny mpampiofana daholo izay valiny omen'ny mpiofana. Rehefa tapitra ny fanomezana hevitra dia vakian'nympampiofana daholo ireo hevitra nomena fia mametraka fanontaniana izy hanesorana izay hevitra tsy mamly ny fanontaniana; amin'izany dia hafanain'ny mpampiofana ny adi- hevitra mandrapahazo marimaritra iraisana.</p> <p><i>Dingana b:</i> asehon'nympampiofana amin'ny flipchart ny valiny mikasika ireo toromarika omena ny reny bevohoka sy ny fianakaviany ny maha zava-dehibe ny fiomanana hiatrika ny fiterahana sy raha sendra misy ny fahamehana</p>	
<p>2. mitanisa ireo fiomanana tokony apetraka alohan'ny fiterahana;</p>		<p>5'</p> <p>5'</p>	<p>Asa 3: Asa iarahana</p> <p><i>Dingana a:</i> zaraina ho vondrona ireo mpiofana ka asaina mamaly ity fanontaniana ity:</p> <p>1°) Inona ireo fitaovana tokony omanina raha toa hiteraka an- trano? Ny vondrona tsirairay dia manondro mpitondra teniny</p> <p><i>Dingana b:</i> manamabara ampahibemaso ny valin'ny fanontaniana ny mpitonfra teny tsirairay. Tarihin'ny mpampiofana sy hafanainy ny ady hevitra mba ahatongavan'ny vondrona rehetra amin'ny marimaritra hiraisana.</p> <p><i>Dingana d:</i> asehon'nympampiofana amin'ny slide /flipchart ny valiny mikasika ireo fitaovana tokony omanina raha toa hiteraka an- trano.</p>	

		5'	Asa 4 Famintinana Fiverenana amin'ny tanjona manokana	
		3'		

VOTOATINY

IREO FAMBARA LOZA

1. Mitombo ny fahaverezan-drà: salaka 2 na 3 vonto rà ao anatin'ny 20 ka hatramin'ny 30 minitra
2. Mifanintona
3. Misefosefo na tsy avy miaina
4. Tazo
5. Marary ny kibo
6. Mahatsiaro tena ho tsy salama ilay vehivavy
7. Mivonto ny nono, mena na manaintaina na manorisory, manelingelina ny fampinonoana
8. Tsy mahatana amany na marary rehefa mamany
9. Fanaintanana eo amin'ny fivaviana na misy nana mivoaka
10. Tsiranoka na maimbo.

G. FIZARANA F: FISOROHANA NY FAHAVEREZAN-DRA BE LOATRAAORIAN'NY FITERAHANA

Lesona 6: Ny FAMONJY pilina miaro amin'ny fahaverezan-drà be loatra

VONTOATIN'NY LESONA

Ny fahaverezan- drà be dia be aorian'ny fiterahana dia isan'ny antony mahatonga ny fahafatesan'ny vehivavy. Noho izany ny fandraisana an- tanana dia tsy maintsy atao avy hatrany. Misy fomba maro azo ampiasaina hiarovana amin'izany toe- javatra izany.

Ny FAMONJY dia azo ampiasaina ary mahomby tokoa ny fiasana amin'ny fiarovana amin'ny fahaverezan- drà betsaka aorian'ny fiterahana.

Ny mpanentana eny anivon'ny fiaraha- monina dia mizara ny FAMONJY amin'ny vehivavy bevohoka voafantina handray anjara amin'ny tetik'asa.

Ity lesona ity dia ahitan'ny mpiofana ny tokony ataony rehefa mizara ny FAMONJY amin'ny vehivavy bevohoka tokony omena izany.

TANJONA MANOKANA

Rehefa vita ny fiofanana, ireo mpiofana dia tokony ho afaka :

1. Manazava ny fomba fampiasana ny FAMONJY,
2. Mizara ny FAMONJY.

FAHARETANY: 60'

DRAFITRY NY LESONA

FIZARANA D : FISOROHANA

NY FAHAVEREZAN-DRA BE LOATRA AORIAN'NY FITERAHANA

Lesona 4 :Ny FAMONJY: pilina miaro amin'ny fahaverezan- drà be loatra

Tanjona manokana	Loha- hevitra	Faharetany	Fizotran'ny lesona	Fitaovana entina mampianatra
<p>Rehefa vita ny fiofanana, ireo mpiofana dia tokony ho afaka :</p> <p>1. Manazava ny fomba fampiasa ny FAMONJY,</p> <p>2. Mizara ny FAMONJY.</p>	<p>Toro- lalana ho an'ny vehivavy bevohoka mpandray anjara mikasika ny fampiasana ny FAMONJY</p> <p><i>1. Ahoana no fomba fampirimana ny FAMONJY ?</i></p> <ul style="list-style-type: none"> - ataovy ao anaty kitapo kely misy ny anarana hoe FAMONJY na ny sariny ireo comprimés telo ; - ataovy ao anaty boaty vikely na sandrify ilay sachet ; -apetraho eo amin'ny latabatra kely eo an-doham- pandriana ilay boaty.Atao tsy takatry ny ankizy. <p><i>2 .Ahoana no fihinanana ny FAMONJY ?</i></p> <ul style="list-style-type: none"> -avy hatrany raha vao <i>latsaka ny zaza (ny zaza farany raha toa kambana)</i> ary alohan'ny ivoahan'ny ahitra , atelina miaraka amin'ny rano antsaky ny vera ny pilina telo FAMONJY ; -azo ampiasaina foana io n'aiza n'aiza hiterahan'ilay vehivavy : na any an-trano, na eny amin'ny tobim-pahasalamana na eny an- dalana. 	<p>3'</p> <p>2'</p> <p>10'</p>	<ul style="list-style-type: none"> - Fanafanana ny sehatra - Famakiana sy Fanazavana ny tanjona manokana <p>Asa 1 : Seho an- tsehatra</p> <p><u>Dingana a:</u> mpampiofana roa no manao ny seho an-tsehatra, ka ny iray manao mpanentana, ny iray kosa manao ilay vehivavy bevohoka ary ny mpiofana iray kosa manao mpanaraka ilay vehivavy.</p> <p>Tanjon'ny seho :</p> <ul style="list-style-type: none"> - ampahalala ireo toro- lalana omena ny vehivavy mikasika ny FAMONJY. <p>Mandritry ny fanaovana ny seho an- tsehatra, ireo mpiofana sisa kosa dia hanaraka izany seho izany ary hanoratra izay hevitra mivoaka mifanaraka amin'ilay tanjon'ny seho an- tsehatra.</p> <p><u>Dingana b:</u> mpampiofana anankiray mandray an-tsoratra amin'ny takalaka be izay hevitra avokan'ny mpiofana. Entaniny ny adi- hevitra mba ahazoana ny marimaritra iraisana.</p> <p><u>Dingana d:</u> Zarain'ny mpampiofana ho tarika telo ny mpiofana.</p>	

	<p><i>3. Ireo fitandremana hafa</i></p> <ul style="list-style-type: none"> - atoro ny vady na izay olona hanampy amin'ny fiterahana ny toerana nametrahana ny fanafody FAMONJY ; - tsy adino ny mitondra ny FAMONJY miaraka amin'ny tena raha toa ka handeha hiteraka any amin'ny tobim-pahasalamana ary ampahafantarina ny mpitsabo izany fitondrana ny fanafody izany ; - TSY MITELINA MIHITSY ny fanafody qlohqn'ny fivoahan'ny zaza . 	10'	<p>Dia mizara andraikitra izy ireo ka ny iray manao mpanentana, ny iray vehivavy bevohoka entanina ary ny iray fianakaviana. Dia omena loha hevitra tsirairay ny tarika dia manao ny fanentanana.</p> <p><u>Dingana e:</u> Rehefa tapitra ny seho dia mametraka fanontaniana ny mpampiofana mikasika ny fahaizana azo, ny olana niseho.</p> <p><u>Dingana f:</u> ampisehon'ny mpampiofana amin'ny slide ireo toro- lalana omena ny vehivavy mpandray anjara, ny vadiny sy ny fianakaviana.</p>	
	<ul style="list-style-type: none"> - averina any amin'ny AC na ny mpitsabo ao amin'ny tobim- pahasalamana ny comprimés FAMONJY raha toa ka tsy nampiasaina. <p>NY FOMBA FIZARANA NY FAMONJY</p> <ul style="list-style-type: none"> - mampagafantatra sy mampianatra ny fomba fampiasa ny FAMONJY ; -manamarina ny mahavoafantina ilay vehivavy mpandray anjara amin'ny fampiasana ireo fepetra napetraka mba ahavoafidy amin'izany fanamarinana atao izany : vohoka mihoatra ny 32 herinandro, tsy fahazakana fanafody natao tamin'ny prostaglandines etc ... <p>Manazava sy mampanao sonia ny taratasy fankatoavana ;</p> <ul style="list-style-type: none"> -manazava ny fomba fampiasa ,ny 		<p>Asa 4; Fizarana mamemo fisy fanisana vehivavy bevohoka</p>	

	<p>FAMONJY (fotoana, isa ary lalana) - manazava amin'ilay vehivavy sy amin'ny mpanaraka azy, ireo fitandremana tsy maintsy raisina rehefa mampiasa FAMONJY ao koa ny fandraisana an- tanana ireo voka-dratsin'ny FAMONJY ; - mampahafantatra ilay vehivavy / ny vadiny / ny fianakaviany ireo fambara loza sy izay tokony atao raha miseho izany.</p>	<p>3' 2'</p>	<p>Asa 2: Famintinana Fiverenana amin'ny tanjona manokana</p>	
--	--	--------------------------------	---	--

TOROLALANA

ho an'ny vehivavy bevohoka mpandray anjara mikasika ny fampiasana ny FAMONJY

1. Ahoana no fomba fitehirizana ny FAMONJY ?

- Ataovy ao anaty kitapo kely misy ny anarana hoe FAMONJY na ny sariny ireo comprimés telo ;
- Ataovy ao anaty boaty vikely na sandrify ilay fonosana ;
- Apetraho eo amin'ny latabatra kely eo an-doham- pandriana ilay boaty. Atao tsy takatry ny ankizy.

2. Ahoana no fihinana ny FAMONJY ?

- Avy hatrany raha vao latsaka ny zaza (ny zaza farany raha toa kambana) ary alohan'ny ivoahan'ny ahitra
- Atelina miaraka amin'ny rano antsaky ny vera ny pilina telo FAMONJY ;
- Azo ampiasaina foana io n'aiza n'aiza hiterahan'ilay vehivavy : na any an-trano, na eny amin'ny tobim- pahasalamana na eny an- dalana.

3. Ireo fitandremana hafa

- Atoro ny vady na izay olona hanampy amin'ny fiterahana ny toerana nametrahana ny fanafody FAMONJY ;
- Tsy adino ny mitondra ny FAMONJY miaraka amin'ny tena raha toa ka handeha hiteraka any amin'ny tobim- pahasalamana ary ampahafantarina ny mpitsabo izany fitondrana ny fanafody izany ;
- **TSY AZO ATAO MIHITSY NY MITELINA NY FANAFODY** raha tsy efa azo antoka fa tsy misy zaza intsony ao anaty kibo.
- Averina any amin'ny AC na ny mpitsabo ao amin'ny tobim- pahasalamana ny comprimés FAMONJY raha toa ka tsy nampiasaina.

NY FOMBA FIZARANA NY FAMONJY

- Mampahafantatra sy mampianatra ny fomba fampiasa ny FAMONJY
- Manamarina ny mahavoafantina ilay vehivavy mpandray anjara amin'ny fampiasana ireo fepetra napetraka mba ahavoafidy amin'izany fanamarinana atao izany : vohoka mihoatra ny 32 herinandro, tsy fahazakana fanafody natao tamin'ny FAMONJY etc ...
- Manazava sy mampanao sonia ny taratasy fankatoavana ;
- Manazava ny fomba fampiasa ,ny FAMONJY (fotoana, isa ary lalana)
- Manazava amin'ilay vehivavy sy amin'ny mpanaraka azy, ireo fitandremana tsy maintsy raisina rehefa mampiasa FAMONJY ao koa ny fandraisana an- tanana ireo voka-dratsin'ny FAMONJY ;
- Mampahafantatra ilay vehivavy / ny vadiny / ny fianakaviany ireo fambara loza sy izay tokony atao raha miseho izany.

H. FIZARANA G: FANADIHADIANA AORIAN'NY FITERAHANA

Lesona 7: FOMBA FAMPIASANA IREO ANTONTAM-PANONTANIANA

VOTOATIN'NY LESONA

Ny mpanentana eny anivon'ny fiaraha- monina dia tsy maintsy manao fanadihadiahana aorian'ny fiterahana amin'ireo vehivavy mpandray anjara amin'ny tetik'asa. Izany dia tanterahany mandritry ny tsidika any an- tokantrano aorian'ny fiterahana izay tanterahany.

Ity lesona ity dia hanampy be dia be ny mpiofana hananteraka izany foana.

TANJONA MANOKANA

Rehefa vita ny lesona, ny mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Hanatanteraka fanadihadiahana aorian'ny fiterahanaamin'ny vehivavy mpandray anjara amin'ny tetik'asa.

FAHARETAN'NY LESONA: 35'

FOMBA FITONDRANA NY FANADIHADIANA

Misy dingana efatra:

1°) fanomanana

- Fantarina ny fotoana izay ilaina hanaovana ny resadresaka;
- Ampahafantarina ilay olona hanaova ny resadresaka;
- Fantarina lalina ny mikasika ilay foto- kevitra ho resahina;
- Manomana fanontaniana fohy nefa mazava tsara;
- Azavaina ny anton'ilay fanontaniana.

2°) fizotry ny resadresaka

- Mampahafantatra ny tena amin'ilay olona hanaovana ny resadresaka;
- Manazava tsara ny andraikitrao, ny asanao;
- Mametraka fanontaniana iray ihany aloha;
- Tsy misalasala mamerina ny fanontaniana raha toa tsapa fa tsy tratra ny tanjona
- Aoka tsy ahatahotra ny fahanginana
- Raiso an- tsoratra ireo valiteny mba ho porofon'ny nisian'ny resadresaka

3°) famaranana ny resadresaka

- Vakio avy hatrany ny raki- tsoratra nataonao mba ahazoanao mameno izay tsy ampy. Soraty koa izay fahitanao azy
- Hajao ny ny hevitr'ilay olona niresaka taminao. Tsy voatery ianao hamerina tanteraka ny havitra voasoratrao akory ianao
- Fintino amin'ilay olona nanaovanao resadresaka ny raki- tsoratra noraisinao.

4°) Fitazonana an-tsoratra

- Mandray antsoratra ireo valim-panontaniana amin'ireo fisy voatokana amin'izany.
- Manamarina ny fifanarahan'ny valim-panontaniana sy ireo hevitra voasoratra.

B. FIZARANA H: FANANANGONANA ANTONTANISA

LESONA 8: Fanangonana antontan'isa

VOTOATIN'NY LESONA

Ity lesona ity no ahafahan'ny mpiofana mahafantatra ireo antontan'isa tokony angonina, ny fomba fanangonana azy sy ireo fototra ahazoana ireo antontan'isa ireo.

TANJONA MANOKANA

Aorian'ny lesona, ireo mpiofana dia tokony ho afaka:

1. Mitanisa ireo fisy fanangonana antontanisa;
2. Mameno ireo fisy fanangonana antontanisa ampiasainy mandritry ny VAD alohan'ny fiterahana sy aoriany.

FAHARETAN'NY LESONA : 30'

FISY FANANGONANA ANTONTANISA

1. Fisy fanisana ny vehivavy bevohoka
2. Fisy Fankatoavana vehivavy
3. takelaka fanampiny fanaraha-maso ny fizarana famonjy
4. Rejistra isambolana handraisana antsoratra ny VAD sy ny Famonjy
5. Fisy fanadihadiana aorian'ny fiterahana

Fisy	Tompon'andraikitra	Iza no anontaniana	Zotra fanangonana	Fotoana
Fisy fankatoavana mazava AC	MCHIP	AC	Fiofanana	Indray mandeha
Fisy fankatoavana vehivavy	FE: Chefs CSB/2eme agent Communes: AC	Vehivavy bevohoka	RMA/Suivi	Isam-'bolana
Rejistra isambolana AC	AC ampian'ny Chefs CSB/2eme agent	Vehivavy nandray Famonjy	RMA/Suivis formatifs	Isam-'bolana
Fisy fanadihadiana aorian'ny fiterahana	ville FE: Chefs CSB/2eme agent + Equipe MCHIP Communes: AC	. Femmes mandritry ny CPoN . VAD AC	RMA/Suivis formatifs	Isam-'bolana

FAMPIASANA

Tamin'ny volana oktobra 2012 dia nahazo fonosana famonjy 10 i Razaka mpanentana arapahasalamana. Vehivavy bevohoka 6 no nanaovany VAD tamin'io volana io.

I Ramatoa Velo tamin'ny 5 oktobra ary izy io dia nomeny fonosana Famonjy iray.

I Ramatoa Rasoa tamin'ny 8 oktobra fa izy io dia tsy nanaiky hanasonia ny taratasy fankatoavana.

Ry Ramatoa Onja sy Beby tamin'ny 13 oktobra ary samy nahazo fonosana avokoa. Ny faha 30 oktobra dia nanao VAD tamin-dry Ramatoa Sahondra sy Marthe izy ary samy nanaiky hiditra amin'ny tetikasa avokoa izy ireo.

Teraka ny 26 oktobra I Ramatoa Beby ary dia nampiasainy araka ny fampianarany azony tokoa ny pilina Famonjy 3.

Fenoy ny registitra isam-bolana andraisana antsoratra ny VAD.I

FISY FANISANA VEHIVAVY BEVOHOKA

Fisy N:

Anarana AC: _Randriamanampy

Firaisana: Morimivalana

CSB: Morimivalana

Fokontany/Toeranaiasana: Amborintsara_____

N	Daty fanisana	Fanampin' anarana	Taona	Tanana	Fokontany	Kominina	Isan'ny volan'ny vohoka	Daty mety hiterahana	KODY
1	22/11/2012	Fanja	18	Amborintsara	Amborintsara	Morimivalana	3 volana	May 2013	

IV. TAKELAKA FANAMPINY

Takelaka fanampiny 1

FISY FANADIHADIANA AORIAN'NY FITERAHANA

Distrika	
Kominina	
Fokontany	
Anaran'ny AC	
Kody AC	
CSB	

Fanampin'antarana vehivavy :

(1) FENOY NY VALIN'NY FANONTANIANA

Valiny

1. Kaodin'ilay vehivavy:

Jereo ny lisitra misy ny kaodin'ilay vehivavy (Kaody AC sy laharana).

2. Daty nanaovana ny fanadihadiana:

Ataovy andro.volana.taona ny valiny, toy ny "aa.vv.tttt". Ohatra : 25.12.2013

3. Oviana ianao no niteraka?

Ataovy andro.volana.taona ny valiny, toy ny "aa.vv.tttt". Ohatra : 25.12.2013

4. Taiza ianao no niteraka?

- a. an-trano
- b. tobim-pahasalamana
- c. an-dalana
- d. tranon'olon kafa
- e. tranon'ny renin-jaza
- f. tranon'ny mpiasan'ny fahasalamana
- g. hafa

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

5. Iza no nampiteraka?

- a. dokotera
- b. rasazy / infirmiera
- c. mpiasan'ny fahasalamana
- d. renin-jaza
- e. namana / mpifanolo body rindrina
- f. olona tsy fantatra
- g. fianakaviana
- h. mpitsabo nentimpaharazana
- i. hafa

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

6. Nandritry ny vohokao farany teo, iza no nanome anao ny Famonjy?

- a. dokotera / rasazy / infirmiera
- b. mpanentana ara-pahasalamana

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

7. Nanaiky nihinana ny Famonjy nomena anao ve ianao?

- a. Eny
- b. Tsia

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

8. Firy ny isan'ny katram-panafody nohaninao?

- a. 3
- b. tsy nisy
- c. 1 na 2

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

9. Ahoana ny fomba nihinananao azy?

- a. atelina
- b. hafa
- c. tsy nihinana

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

10. Raha natelinao ny famonjy, oviana no nitelemanao azy?

- a. alohan'ny hiteraka
- b. nilatsaka ny zaza fa alohan'ny fivoahan'ny ahitra
- c. taorian'ny fivoahan'ny ahitra
- d. tsy nampiasa ny Famonjy
- e. hafa

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

11. Inona no voka-dratsy tsapanao?

- a. nangovitra
- b. nalohiloy
- c. nivalana
- d. nandoa
- e. nafana hoditra
- f. hafa
- g. tsy nisy

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

12. Namerina fonosana ve ianao?

- a. tsy namerina
- b. fonosana misy katram-panafody 3
- c. fonosana misy katram-panafody 2
- d. fonosana misy katram-panafody 1
- e. Fonosana tsy misy katram-panafody

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

13. Nisolo sadika/sifotse/salaka impiry ianao nandritry ny adin'iray taorian'ny niterahana?

- a. tsy nisolo
- b. indray
- c. indroa
- d. in-telo

- e. in efatra

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

14. Nafindra tany amin'ny hopitaly hafa ve ianao, nandritry ny fihetsen-jaza, fiterahana na taorian'ny fiterahana?

- a. Eny
b. Tsia

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

15. Nahazo ireto fikarakarana ireto ve ianao?

- a. ra
b. seroma
c. fanafody hafa natsindrona
d. fandidiana
e. tsy hay
f. hafa
g. tsia

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

16. Amin'ny fiterahanao manaraka, mbola vonona hampiasa Famony ve ianao?

- a. Eny
b. Tsia

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

17. Hamporisika ny havanao na ny namanao hampiasa ny Famony ve ianao?

- a. Eny satria–mahomby
b. Eny satria-mahatsiaro tena voaaro
c. Eny satria- mahomby + mahatsiaro tena voaaro
d. Tsia satria – nisy voka dratsy
e. Tsia satria- tsy ilaina
f. Tsia–hafa

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

18. Ohatrinona no sahinao hividiana ny Famony?

- a. 500 ariary
b. 1200 ariary
c. 1500 ariary
d. latsaky ny 500 ariary
e. mihoatran'ny 1500 ariary

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

19. Inona no antony tsy nihinananao ny Famony?

- a. tsy nisy nanome
b. adino ny nihinana ny Famony
c. tsy hita
d. tsy nety nihinana indray
e. hafa
f. nihinana

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

20. Naverinao tany amin'ny mpanentana ve ny Famony tsy nampiasaina?

- a. Eny
b. Tsia

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

21. Toerana nanaovana ny fanadihadiana?

- a. an-trano
- b. tobim-pahasalamana

Soratana eto ny valiny. Ohatra : a

A. ENDRIKY NY SMS

Soraty eto ny valinteninao rehetra, asio mihataka kely (espace) manelanelana ny valinteny anankiro.

Ohatra: *kaody valiny1 valiny2 valiny3 valiny4 valiny5 valiny6 valiny7 valiny8 valiny9 valiny10 valiny11 valiny12 valiny13 valiny14 valiny15 valiny16 valiny17 valiny18 valiny19 valiny20 valiny21*

B. ALEFASO NY NY SMS-NAO

Alefaso ny SMS-nao amin'ny nomerao mifanaraka amin'ny anarana « SMS MCHIP » ao anaty telefaoninao.

C. ANDRASO NY VALIN'NY SMS

Tsy maintsy maharay SMS ianao, avy eo : fisaorana raha voaray ny SMS-nao, na ny diso tao @ SMS-nao. Raha diso ny SMS-nao dia tsarao ary avereno manontolo.

Raha toa ka tsy mahazo valiny ianao ao anatin'ny adiny roa, dia ampandreneso haingana ny tompon'andraikitra.

REJISTRY NY AC

FANENTANANA MIKASIKA NY FITERAHANA HIEREN-DOZA SY FAMPIASANA FAMONJY											
(1)	(2)	(3)	(4)	(5)	(6)	(7)	(8)	(9)	(10)	(11)	(12)
Daty ny fitsidihina (aa/vv/tt)	Fanampina naran' ny vehivavy	Kaody vehivavy :	Fokontany	Nomena FAMONJY ? (Eny/Tsia)	N° Fanafody	Sonia Vehivavy	Daty nahaterahana(a a/vv/tt)	namerina Fonosana? (nampiasa fanafody)	Isan'ny FONOSANA naverina (Tsy nampiasa fanafody)	Sonia Vehivavy namerina fanafody	Famenoana ny fisysan'ny famarahamaso ? (Eny/Tsia)
05/10/12	VELO		Ambodiampaly	E		X	_/_/_/_	E T			E T
08/10/12	RASOA		Ambodiampaly	T			_/_/_/_	E T			E T
13/10/12	ONJA		Savontsira	E		X	_/_/_/_	E T			E T
13/10/12	BEBY		Savontsira	E		X	26/10/12	E T		X	E T
30/10/12	SAHONDRA		Savontsira	E		X	_/_/_/_	E T			E T
30/10/12	MARTHE		Savontsira	E			_/_/_/_	E T			E T
//_/_				E T			_/_/_/_	E T			E T
TOTAL				5				1			
Isan'ny fonosana FAMONJY nozaraina (Totaly E kol. 5)		Isan'ny fonosana FAMONJY FOANA avy nampiasaina voaangona (Totaly E kol. 9)		Isan'ny fonosana FAMONJY FENO tsy nozaraina.			Isan'ny fonosana FAMONJY FENO nozaraina tamin'ny vehivavy mbola tsy teraka			Isan'ny fonosana FAMONJY voaray tamin'ny CSB (hita ery ambony amin'ny ankavia)	
5		1		5			4			10	
Anaran'ny Mpanaramaso:											